
# ALAHADY - FAHA 11 MANDAVANTAONA A 2026



**«Raha nahita ity vahoaka marobe i Jesoa,**
**dia onena azy ireo satria nijaly sy nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry»**

Manomboka ny mandavan-taona isika ka ny Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy dia entina hanampy antsika handalina ny finoana mba hivahatra tsara ao amin'I Kristy isika ka ho kristianina tokoa, ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Izany no tanjon'izao Sinaody faha-7 fa indrindra ny fijanonana faha-4 iarahantsika miatrika izao ka hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Eks 19, 2-6a;
Sal 99;
Rôm 5, 6-11;
Mt 9, 36-10,8

Tsy mahagaga àry raha mandinika ny Tenin'Andriamanitra henontsika isika no mahatsapa tsara amin'izao fanombohan'ny vanim-potoana mandavan-taona ao aorian'ny Paka izao fa mitaona antsika handinika lalindalina kokoa mikasika ny vôkasiona. Mety gaga isika fa vôkasiona no ampiasaina eto. Ny antony dia tsotra satria tsy fiantsoan'Andriamanitra fotsiny ny resaka eto fa sady antson'Andriamanitra no valy avy amintsika ary ireo no manosika antsika hanana fiainana mifanaraka amin'ny antso. Mazava ho azy hafa ny fiainan'ny voatokana ary hafa ny fiainan'ny mpanambady. Izay rehetra izay no atao hoe Vôkasiona. Noho izany dia tokony ho tsapatsika fa FANOMEZANA tahaka ny finoana ny vôkasiona ka Andriamanitra mandrakariva no Tompon'ny fiantsoana ary raha miantso Izy, dia ny mba hanatanteraka iraka iray. Io iraka io kosa, dia miteraka andraikitra ho an'ireo voaantso. Raha nifidy ny Vahoakany Andriamanitra, dia nanana ny andraikiny amin'ny mahapatriarka azy i Abrahama. I Môizy koa dia nanana ny azy amin'ny mahampitarika na mpitondra vahoaka azy. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, nofidin'i Jesoa ny Apôstôly mba hanatanteraka iraka, dia ny Fitoriana sy ny fampielezana ny Vaovao Mahafaly. Tokony ho tsapan'ireo voaantso rehetra fa Andriamanitra no miantso, Izy no Tompon'ny fiantsoana. Vonona hankahery sy hanampy ary hanohana an'ireo izay nantsoiny Izy eo amin'ny fanatontosan'izy ireo ny asa ankinina aminy.

Mety manontany isika maninona no miresaka izany rehetra izany isika? Maro no azo lazaina fa zavatra anankiroa no tiako asongadina.

Voalohany isaky ny alahady dia vakina ny BAN izany hoe ny filazana mikasika ireo nangataka hiroso ho diakra sy ho pretra ary eo ihany koa ireo miroso ho relijiozy ary farany misy koa miroso amin'ny mariazy.

Faharoa miverina amin'ny mandavan-taonan'ny litorjia ka mampahatsiahy amintsika fa ny fototra ny fiainantsika dia ny vôkasiona araka ny lahatr'Andriamanitra….

Ao amin'ny vakiteny voalohany Boky ny Eksaody 19, dia mampahatsiahy ny safidy manokana nataony Andriamanitra, rehefa tonga tany an'efitra ny Vahoaka Israely, izay zotra mankany amin'ny fahafahana tanteraka. Raha nifidy sy niantso ny Vahoaka Jody Andriamanitra, dia lahatra efa nosoritany mialoha hamonjena ny olombelona izany. Voaantso hanatanteraka iraka tsy mitovy amin'ireo firenen-kafa ny Vahoaka Israely. Hita taratra amin'ny lafin-javatra roa mazava izany fomba niainan'ity Vahoaka voafidy ity izany. Tsy izy ireo no nifidy an'Andriamanitra fa Andriamanitra no nifidy azy ireo. Tany am-piandohana, niankina tanteraka tamin'ny misterin'Andriamanitra izany fiantsoana izany. Taty aoriana, tsy afa-nisaraka tamin'ny olombelona i Israely, fa vao mainka aza nanome azy andraikitra eo anivon'ny olombelona rehetra.

Raha eo amin'ny lafiny maha-olona, dia nitatra ho an'ny olombelona rehetra ny antso. Milaza izany fa Andriamanitra irery ihany no tompon'ny safidy. Tsy mampisaraka ilay voafidy amin'ny hafa, sanatria, ny vokatr'izany, fa manome andraikitra azy eo anatrehan'ny hafa. Ny fanatanterahana ny iraka no mandrafitra ny tantaran'i Israely izay azo ampitahana amin'ny lamba rovitra matetika ary zairina tsy misy farany. Asehon'Andriamanitra, fa tsy mba mivadika na oviana na oviana Izy ary I Israely kosa tsy mitsahatra miovaova. Nofidin'Andriamanitra isika ka tonga mpino ary manjary rantsambatan'ny Eglizy. Moa ve ny tantarantsika amin'ny maha-kristianina vita Batemy antsika tsy mitovy amin'ny tantaran'i Israely, izay mbetika mizotra amin'ny lala-mahitsy sy marina ary mbetika mivaona sy mibirioka amin' ny lalan-diso?

Mampahatsiaro ny tantaran'ny firenentsika ihany koa izany fa indrindra amin'izao isika miatrika ny Fikaonandoham-pirenena…. Raha ny marina dia ny tantarantsika tsirairay io tantaran'ny vahoakan'Israely io…

Raha dinihina ny an-dalan'ny Evanjely henontsika teo, dia hitantsika ny niantsoan'I Jesoa ireo Apôstôly roa ambin'ny folo sy ny nanirahany azy ireo. Mino aho fa na dia tsy mandinika lalina ny lahatsoratra aza isika, dia hahatsapa ny fomba fiasa sy ny fomba fanaon'i Jesoa. Ity safidy nataon'i Jesoa manoloana ny mpianany ity, dia tanteraka: noho ny fahatsapany ny zava-misy: «Raha nahita ity vahoaka marobe i Jesoa, dia onena azy ireo satria nijaly sy nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry» (Mt 9, 36).

Araka izany dia tsy nisy niafina taminy ny zava-misy rehetra Hitany sy tsapany ny fahorian'ny olombelona, ny ahiahiny aman-tebitebiny, ny fahakiviany. Mizaka sy mibaby izany fahasahiranana mianjady izany Raolombelona satria tsy mbola nahita an'llay hany ~~tokona~~ tokana tena ilaina, dia i Jesoa izay afaka hameno ny banga ao am-pon'ny olona.

Noho ny fahitany izay tena ilaina maika: «Be ny vokatra fa ny mpijinja no vitsy» (Mt9, 37). Sady asehon'i Jesoa no avoitrany ny olana misy. Tsy maintsy miasa, tsy maintsy manao zavatra mba hanovana ny toe-draharaha misy. Aiza no mety hahitana vaha olana amin'izany? Inona avy no fitaovana tokony hampiasaina? lza avy no antsoina mba hanatanteraka izany asa izany? Izany rehetra izany sy zavatra maro hafa no dinihintsika eo anivon'ny Sinaody ka anirahana antsika. Azo lazaina fa tena vôkasiontsika vita batemy ny miahy izao tontolo izao mba ho hisy fivelarana ny maha-olona sy ny olon-drehetra.

Indreto misy tolo-kevitra mba hanohizantsika ny firotsahana:

• Voalohany amin'izany, araka ny hafatra dia mila mivavaka isika: «Mihantà amin 'ny Tompom-bary mba haniraka mpijinja amin'ny variny» (Mt 9, 38). Azontsika hognona izany matoa isika manao vavaka ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra

•Fa araka ny voalazantsika ny vôkasiona dia tsy antso avy amin'Andriamanitra ihany fa mitaky valy avy amintsika izay miseho amin'ny fahavononana sy ny fandraisana andraikitra, amin'ny firotsahana ka hahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona amintsika.

Ny tenin'Andriamanitra mananatra antsika fa rehefa tojo fahasahiranana iray isika, dia aoka tsy handeha any an-kafa hitady vahaolana fa isika ihany no tsy maintsy vonona hamaha olana voalohany indrindra amin'ny zava-mitranga rehetra. Marina tokoa fa manampy antsika mandrakariva ny vavaka: manampy antsika sy mahatonga antsika handinika, hifandray sy hiombona amin'Andriamanitra ary hitady ao Aminy ny fanampiana ilaintsika mba hihoarana ny fahasahiranana mitranga. Ny vavaka no mahatonga antsika hahatakatra ny fiavian'ny hevitra tsara ao amintsika sy ny fahafahantsika miasa araka ny sitrapon'Andriamanitra.

Tsy maintsy hialantsika ny fakam-panahy izay mitarika antsika hanilika amin'ny hafa ny fahadisoantsika sy ny andraikitra tokony ho nataontsika. Mba hanamaivanantsika ny tenantsika tokoa manko, dia matetika isika no manilika amin'ny hafa. Raha ny marina anefa, dia tsy maintsy madini-tena isika ary tsy maintsy fantatsika fa tsy misaraka amin'ny vôkasiona ny fahafoizana sy fanompoana mitondra amin'ny firotsahana. Noho izany, tsy maintsy mahatsapa tena ho tompon'andraikitra isika.

Ny safidin'Andriamanitra tamin ireo Mpaminany sy ny Apôstôly dia mampiseho ny fitiavan' Andriamanitra hahavoavonjy ny olona rehetra. Fa ireo voafidiny rehetra, dia manana adidy hiasa ary hampahafantatra ny hafa fa tompon'andraikitra koa izy ireo.

Amin'ny fanatanterahana io asa goavana io, ireo voafidin' Andriamanitra, dia mitondra ny maha-olombelona azy, ny fahalemeny sy ny fahosany mbamin'ny fahotany. Fantatr'Andriamanitra izany, kanefa ilainy ny fiaraha-miasa amin'izy ireo mba hampahafantatra amin'ny olona rehetra fa misy Izy ary velona mba hamonjy ny olona rehetra. Isika ankehitriny koa dia ilain'Andriamanitra ny fiarahantsika miasa Aminy, amin'ny maha-vita Batemy antsika na dia eo aza ny fahalementsika sy ny fahosantsika mbamin'ny fahotantsika. Isika izao no Kristy Mpiara-belona amin'ny olona.

Moa ve tsy efa voalazan'i Md Paoly fa ao anatin'ny fahalementsika no anamafisan'Andriamanitra antsika (jereo 2 Kôr 12, 9-10). Izany hoe: tokony hatoky Azy tanteraka isika rehefa manohy ny asan'i Kristy izay nankinina amintsika. Momba ny halehiben'ny adidin'ny kristianina eo amin'ny fiaraha-monina manoloana ny zava-misy ankehitriny, izany hoe manoloana ireo olana ara-piaraha-monina sy ara-pôlitika izay mikiky ny Firenena, dia tokony hahay mamaky ny sitrapon'Andriamanitra manoloana ireo fahasahiranana ireo, manadihady ny zava-misy satria sady miaina no mifototra eto isika ary voalazan'i Kristy rahateo fa: "Isika no fanasin 'ny tany sy fahazavan'izao tontolo izao" (and. 13-14). Noho izany, ny kristianina tsirairay avy dia manana adidy hiasa ho an'ny tombon-tsoan'ny mpiara-belona, hanova sy hanatsara ny fomba tsy manjary, hiezaka hampiroborobo ny fiaraha-monina sy hanamasina azy aza.

Raha fintinina, ny vita Batemy tsirairay avy dia olom-boafidin' Andriamanitra. Manana adidy sy andrakitra hiasa ho amin'ny famonjena ny tenany sy ny hafa izy, amin'ny fahavononany hanohy ny asan'i Kristy eo anivon'ny Eglizy sy ny Firenena. Io no averimberin'ny hafatry ny Eveka sy ny Vaomieran'ny Justice et paix. Io no Politika marina, hoy ny Papa, ao amin'ny Ansikilika Fratelli Tutti. Politika manasoa ny hafa sy mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana.

Ao amin'ny vakiteny faharoa, soritan'i Md Paoly mazava tsara ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona na dia tsinontsinona eo anatrehany aza izy. Tiany isika ary mba hanehoany izany fitiavana tsy manan-tsahala izany, dia nirahiny ny Zanany Lahitokana mba ho antoky ny famonjena antsika.

Raha niaina teo anivontsika i Jesoa, dia niezaka hanova ny maha-olombelona mpanota antsika ka hahatonga antsika ho vahoaka mpisorona, ho Fianakaviam-ben'Andriamanitra, ho Olo Araiky. Tokony ho vahoaka mpisorona afaka hanolotra ny tenantsika sy ny herintsika ary ny fahafoizan-tenantsika isika mba hampiely ny Vaovao Mahafaly. Tokony hasehontsika miharihary ho hitan'ny olon-drehetra ny harena sy ny fahasoavana nomen' Andriamanitra antsika. Isika tsirairay avy tokoa manko, dia samy manana ny talentany, ny fanomezam-pahasoavana manokana, ka tokony ho vonona hiasa ho an'i Kristy arakaraka izay mety ho vitany. Io no lazaintsika matetika mivelona ny vôkasiontsika tamin'ny voalohany raha nahary antsika Andriamanitra ka nametraka antsika tao amin'ny sahan'I Edena hiambina azy sy hikarakara azy, hanjaka fa tsy hanjakazaka…..

Manome ohatra ho antsika i Kristy ao amin'io Evanjely io momba ny fitiavana tokony hananantsika ho an'ny hafa ka hivelomantsika izay vôkasiontsika hatramin’ny nahariana antsika araka ny voalazan’I Md Paoly : “Na iza na iza ao amin'i Kristy, dia zava-boary vaovao izy, ka lasa ny zavatra taloha, fa indro tonga vaovao ny zavatra rehetra".

Namitram-pihavanana tamintsika Andriamanitra tamin'ny nahafatesan'ny Zanany ka tonga FIANAKAVIANY ISIKA, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY AMINY ISIKA JIABY. Noho isika fianakaviana araiky Aminy dia zary Kristy Mpiara-belona ka afaka manohy ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly na aiza na aiza halehantsika. Ny Ran'i Kristy no namonjena antsika. Nafoiny ho antsika ny Ainy. Isika ihany koa, tokony ho vonona hahafoy tena ho an'ny hafa. Izany no lalana ahafahantsika manarina indray ny Tranobe Iombonana hahitantsika ny fivelarana ny mahaolona sy manontolo sy ny olon-drehetra hametrahantsika fampandrosoana lovain-jafy.

Eto am-pamaranana, dia aoka ho raisintsika ho torolalana ho antsika ny hafatrafatra nomen'i Kristy an'ireo Apôstôly mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny iraka nampanaovina azy. Aoka isika ho tahaka ireo Apôstôly roa ambin'ny folo fa nahazo antso avy amin’I Kristy. Sambatra isika mahatsapa izany ka indro samy mamaly azy ka irahiny hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ireo vahoaka nijaly sy natao an-kilabao kanefa liana ny handre ny Tenin'Andriamanitra ka ho tonga ho anisan’ny Fianakaviamben’Andriamanitra. Nirahina toa an'i Môizy ny Apôstôly mba hanambara amin'ireo olona tsy manan-kantenaina sy mivadibadika fa misy Andriamanitra, ary tsy Andriamanitra lavitra fa Andriamanitra miara-dalana aminy. Izany no miseho amin’izao Sinaody izao. Miara-dalana amintsika Andriamanitra fa indrindra miatrika izao krizy izao.

Indraindray misy kristianina sasany diso fiheverana fa hoe mitovy daholo rahefa mety ho fiantsoan' Andriamanitra, raha ny marina kokoa ny vôkasiona izany hoe tsy hain'izy ireo ny manavaka ny antso ho an'ny harena mandalo eto an-tany sy ny vôkasiona ho an'ny fahasambarana any an-danitra. Ny olombelona tokoa manko amin'ny maha-olombelona azy dia mikatsaka mandrakariva ny voninahitra sy ny hery ary ny fahefana mbamin'ny vola aman-karena.

Mampianatra antsika kristianina Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesoa mba tsy hionona amin'ny fikatsahana ny voninahitra araka ny fomban' izao tontolo izao. Firotsahana sy fahavononana feno no takiany mba hitoriana ny Evanjely, hitondrana ny anjara hazofijaliana isan'andro vaky hanohizana ny asan'i Kristy araka izay mety ho vita.

Ampahatsiahivin'i Md Paoly fa tia antsika Andriamanitra, maty ho antsika i Kristy. Nitondra ny fahotantsika Izy ka isika vita Batemy no tompon'andraikitra amin'ny famonjena ny tenantsika sy ny famonjena ny hafa raha manatanteraka amim-pitiavana sy amim-pahafoizan-tena ny adidy maha olom-pirenena antsika sy ny maha-zanak' Andriamanitra antsika.

Mangataha àry amin'ny Tompo mandritra izao Eokaristia izao mba hanomezany antsika ny fahasoavana hahatakatra ny adidy sy ny andraikitra tokony hotontosaintsika amin'ny maha-olom-boafidin' Andriamanitra antsika, hahatonga antsika ho tena kristianina marina mendrika hitondra ny Anaran'i Kristy ary ho vavolombelony eo anatrehan'ny hafa, ho Kristy Mpiara-belona. Masina Maria, Renin’ny Mpianatr’I Kristy, mivavahà mba hahay hivelona ny vôkasionay izahay ka zary Tabernakla velona. Md Josefa, Ray Mpitaiza an’I Jesoa ianao, ampio ny raim-pianakaviana rehetra mba hahay hivelona ny vôkasiony. Amena.

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson